



Siège national
47 rue d Clichy
75311 Paris Cedex 09
Tél : 01 45 96 03 05

FOTOAM-BAVAKA FPMA
VEILLEE DE PRIERE FPMA

IZA MOA I JESOSY ? – QUI EST JESUS ?

Alatsinainy 31 aogositra 2020
Lundi 31 août 2020

FARISEO, MPANORA-DALANA SY FIANAKAVIAN'I JESOSY (Mat. 12, 22-50)
– PHARISIENS, SCRIBES ET FAMILLES DE JESUS (Mat. 12, 22-50)

Amin'ny Anaran'Andriamanitra Ray sy Zanaka ary Fanahy Masina – Au Nom du Dieu le Père, le Fils et le Saint-Esprit. Amen !

Tenin'Andriamanitra – Parole de Dieu : Hoy i Jesosy Tompo – *le Seigneur Jésus dit :*
« Fa na iza na iza no hanao ny sitrapon'ny Raiko izay any an-danitra, dia izy no rahalahiko sy anabaviko ary reniko » (Mat. 12, 50). Amen ! – « *En effet, celui qui fait la Volonté de mon Père céleste, celui-là est mon frère, ma soeur, ma mère* » (Mat. 12, ...).
Amen !

Vavaka tarihin'i (Prière dirigée par) Pasteur Donald GIZY

Teny fampidirana – Introduction

Hira (Chant) 21, 1 sy 3 : Derao Andriamanitra :

1. Derao Andriamanitra, ry vazan-tany efatra,
Fa izy no mamindra fo ka mety manome ny zo.
Naniraka ny Zanany hanavotra ny olony
Ny sandriny tsy toha re fa manan-kery lehibe.
Malaza ny Anarany fa lehibe ny asany.
3. Ry olona navotana, mba mitsangàna faingana,
Ka miderà ny Tomponao, Izay nanavotra anao,
Fa he, ny Voninahiny manerana ny taniny.
Tendreo ny valihanao ka miventesa hira vao.
Ry voavonjy ô, derao ny Ray Mpamorona anao !

FIZARANA 1 – PARTIE 1

Teksta 1 – Texte 1 : Mat. 12, 22-37 :

22 Dia nentina tany amin'i Jesosy ny lehilahy anankiray izay demoniaka, sady jamba no moana, dia nositrany ka dia niteny sy nahita ilay moana. 23 Dia talanjona ny vahoaka rehetra ka nanao hoe : « Moa Ity va ilay Zanak'i Davida » ?

22 Alors on lui amena un démoniaque aveugle et muet, et il le guérit, de sorte que le muet parlait et voyait. 23 Toute la foule disait, étonnée : « N'est-ce pas là le Fils de David » ?

24 Fa nony ren'ny Fariseo izany, dia hoy izy : « Tsy misy amoahan'ilehiny ny demonia, hafa tsy i Belzeboba, lohan'ny demonia ». 25 Ary i Jesosy nahalala ny eritreriny, dia nanao taminy hoe : « Ho foana ny fanjakana rehetra izay miady an-trano ary tsy haharitra ny tanàna rehetra, na ny trano, izay miady an-trano. 26 Ary raha i Satana no mamoaka an'i Satana, dia miady an-trano izy, ka ahoana no haharetan'ny fanjakany ? 27 Ary raha i Belzeboba no amoahako ny demonia, iza kosa no mba amoahan'ny zanakareo azy ? Ary noho izany dia izy ihany no ho mpitsara anareo. 28 Fa raha ny Fanahin'Andriamanitra kosa no amoahako ny demonia, dia efa tonga aminareo sahadry ny Fanjakan'Andriamanitra. 29 Fa hataon'ny olona ahoana no fidityra ao an-tranon'ny mahery handroba ny entany, raha tsy afatony aloha ny mahery dia vao handroba ny ao an-tranony izy ? 30 Izay tsy miara-mamory amiko dia manahaka.

24 Lorsque les pharisiens entendirent cela, ils dirent : « Cet homme ne chasse les démons que par Béelzébul, le prince des démons ». 25 Comme Jésus connaissait leurs pensées, Il leur dit : « Tout royaume confronté à des luttes internes est dévasté, et aucune ville ou famille confrontée à des luttes internes ne peut subsister. 26 Si Satan chasse Satan, il lutte contre lui-même. Comment donc son royaume subsistera-t-il ? 27 Et si Moi, Je chasse les démons par Béelzébul, vos disciples, par qui les chassent-ils ? C'est pourquoi ils seront eux-mêmes vos juges. 28 Mais si c'est par l'Esprit de Dieu que Je chasse les démons, alors le Royaume de Dieu est venu jusqu'à vous. 29 Ou encore, comment quelqu'un peut-il entrer dans la maison d'un homme fort et piller ses biens, s'il n'a pas d'abord attaché cet homme fort ? Alors seulement il pillera sa maison. 30 Celui qui n'est pas avec Moi est contre Moi, et celui qui ne rassemble pas avec Moi disperse.

31 Ary noho izany dia lazaiko aminareo hoe : Hahazo famelan-keloka ny olona amin'ny ota sy fitenenan-dratsy samy hafa rehetra, fa tsy hahazo famelan-keloka ny olona amin'ny fitenenan-dratsy ny Fanahy Masina. 32 Ary na iza na iza no manao teny hanohitra ny Zanak'olona, dia hahazo famelan-keloka ihany. Fa na iza na iza no miteny hanohitra ny Fanahy Masina, dia tsy mba hahazo famelan-keloka, na amin'izao fiainana izao, na amin'ny ho avy. 33 Koa ataovy tsara ny hazo mbamin'ny voany, na ataovy ratsy ny hazo mbamin'ny voany : fa ny voany no ahafantarana ny hazo. 34 Ry taranaky ny menarana, hataonareo, izay ratsy fanahy, ahoana no fahay miteny zavatra tsara ? Fa avy amin'ny haben'ny ao am-po no itenenan'ny vava. 35 Ny rakitra tsara no amoahan'ny olona tsara fanahy zavatra tsara, ary ny rakitra ratsy kosa no amoahan'ny olona ratsy fanahy zavatra ratsy. 36 Ary lazaiko aminareo fa hampamoahina ny olona amin'ny

andro fitsarana noho ny amin'ny teny foana rehetra izay ataony. 37 Fa ny teninao no hanamarinana anao ary ny teninao no hanamelohana anao ».

31 C'est pourquoi je vous dis : Tout péché, tout blasphème sera pardonné aux hommes, mais le blasphème contre l'Esprit ne leur sera pas pardonné. 32 Celui qui parlera contre le Fils de l'homme, cela lui sera pardonné. Mais celui qui parlera contre le Saint-Esprit, le pardon ne lui sera accordé ni dans le monde présent ni dans le monde à venir. 33 Dites que l'arbre est bon et que son fruit est bon, ou bien dites que l'arbre est mauvais et que son fruit est mauvais, car on reconnaît l'arbre à son fruit. 34 Races de vipères, comment pourriez-vous dire de bonnes choses, mauvais comme vous l'êtes ? En effet, la bouche exprime ce dont le cœur est plein. 35 L'homme bon tire de bonnes choses de son bon trésor et l'homme mauvais tire de mauvaises choses de son mauvais trésor. 36 Je vous le dis : le jour du jugement, les hommes rendront compte de toute parole inutile qu'ils auront prononcée. 37 En effet, d'après tes paroles tu seras déclaré juste et d'après tes paroles tu seras condamné ».

Fanamarihana 1 – Commentaires 1 : i Jesosy no Mesia Mpanavotra – Accepter Jésus est le Messie, le Rédempteur

Vavaka any amin'izay misy antsika – Prière là où chacun se trouve :

- ho an'ny ankohonana sy ny fianakaviana mba hampiorina tsara ny finoany fa tsy misy Mpanavotra hafa hafa tsy i Jesosy Kristy - *pour notre foyer et notre famille pour que chacun prenne conscience qu'il n'y a pas d'autre Rédempteur à part Jésus-Christ*
- ho an'ny Fiangonana mba tsy ho sodokan'izay miseho ety ivelany ny Fiangonana fa hifantoka amin'ny fanavotan'i Kristy – *pour l'Eglise pour qu'elle ne soit pas éblouie par ce qui se parait à l'extérieur mais qu'elle soit focalisée sur la Rédemption opérée par le Christ.*

Vavaka tarihin'i (Prière dirigée par) Pasteur Donald GIZY

Hira (Cantique) 171, 1 sy 3 : I Jeso, Mpanjaka malaza :

1. I Jeso, Mpanjaka malaza, no Tompo Mpanjakanay
Mahery sy tsara indrindra ka lzy no aronay.
Mendrika hankalazaina noho ny heriny
Eran-tany sy lanitra koa ny Zo aman-Dazany.

Fiverenana :

*Ry Tompo Mpanjaka mahery ô ! Mihainoa ! Mihainoa !
Avy manaiky tokoa izahay fa Tompon'ny hery rehetra lanao,
Tsy misy mihitsy ny toa Anao, tsy tratry ny saina ny herinao.
Ny fiderana izay entinay, raiso re ! Raiso re !
Ny Haja atolotra Anao ety : raiso izao !*

3. Tompo, Mpanjaka Tsitoha, kanefa be indrafo
Deraina eram-po erantsaina, deraina mandrakizay.
He, ny mpanompo voavonjy samy mihoby hoe :
"Haleloia ho amin'ny Avo fa i Jeso no Tomponay".

Teksta 2 – Texte 2 : Mat. 12, 38-45 :

38 Ary tamin'izany ny sasany tamin'ny mpanora-dalàna sy ny Fariseo namaly Azy ka nanao hoe : « Mpampianatra ô, ta-hahita famantarana avy aminao izahay ». 39 Fa i Jesosy namaly ka nanao taminy hoe : « Izay taranaka ratsy fanahy sy mijangajanga dia fatra-pitady famantarana, nefa tsy hisy famantarana homena azy hafa tsy famantarana ny amin'i Jona mpaminany. 40 Fa tahaka ny nitoeran'i Jona hateloan'andro sy hateloan'alina tao an-kibon'ny hazandrano lehibe, dia toy izany no hitoeran'ny Zanak'olona hateloan'andro sy hateloan'alina ao anatin'ny tany. 41 Ny olona tany Ninive hiara-mitsangana amin'ity taranaka ity amin'ny andro fitsarana ka hanameloka azy, fa nibebaka izy tamin'ny nitorian'i Jona teny : nefa, indro, misy lehibe noho Jona eto. 42 Ny mpanjakavavy avy tany Atsimo hiara-mitsangana amin'ity taranaka ity amin'ny andro fitsarana ka hanameloka azy. Fa avy tany amin'ny faran'ny tany izy hihaino ny fahendren' i Solomona, nefa, indro, misy lehibe noho Solomona eto.

38 Alors quelques-uns des spécialistes de la loi et des pharisiens prirent la parole et dirent : « Maître, nous voudrions voir un signe miraculeux de ta part ». 39 Il leur répondit : « Une génération mauvaise et adultère réclame un signe miraculeux, il ne lui sera pas donné d'autre signe que celui du prophète Jonas. 40 En effet, de même que Jonas fut trois jours et trois nuits dans le ventre d'un grand poisson, de même le Fils de l'homme sera trois jours et trois nuits dans la terre. 41 Lors du jugement, les habitants de Ninive se lèveront avec cette génération et la condamneront, parce qu'ils ont changé d'attitude à la prédication de Jonas. Or, il y a ici plus que Jonas. 42 Lors du jugement, la reine du Midi se lèvera avec cette génération et la condamnera, parce qu'elle est venue des extrémités de la terre pour entendre la sagesse de Salomon. Or, il y a ici plus que Salomon.

43 Raha mivoaka amin'ny olona ny fanahy maloto, dia mandeha mitety ny tany tsy misy rano izy, mitady fitsaharana, fa tsy mahita. 44 Dia hoy izy : 'Hody any amin'ny tranoko izay nivoahako aho'. Ary nony tonga izy, dia hitany fa foana ny trano sady voafafa no voavoatra. 45 Ary dia mandeha izy ka mitondra fanahy fito hafa koa miaraka aminy izay ratsy noho izy. Dia miditra ireo ka mitoetra ao, ary ny faran'izany olona izany dia tonga ratsy noho ny voalohany. Ary dia tahaka izany koa no ho amin'ity taranaka ratsy fanahy ity ».

43 Lorsqu'un esprit impur est sorti d'un homme, il va dans des endroits arides pour chercher du repos, et il n'en trouve pas. 44 Alors il dit : 'Je retournerai dans ma maison, d'où je suis sorti'. A son arrivée, il la trouve vide, balayée et bien rangée. 45 Alors il s'en va prendre avec lui sept autres esprits plus mauvais que lui. Ils entrent dans la maison, s'y installent, et la dernière condition de cet homme est pire que la première. Il en ira de même pour cette génération mauvaise ».

Fanamarihana 2 – Commentaires 2 : Ho amin'ny finoana – Pour la foi

Vavaka any amin'izay misy antsika – Prière là où chacun se trouve :

- ho an'ireo sahirana mba handresy ny fakam-panahy ny famoizam-po izy fa hatoky ny Fanavotan'i Jesosy Kristy ka hiantoraka hangata-Pamonjena Aminy - *pour ceux qui sont dans des difficultés pour qu'ils vanquent la tentation de l'incrédulité mais qu'ils aient confiance dans la Rédemption de Jésus-Christ, qu'ils s'accrochent à Lui pour Lui demander leur salut*
- ho an'ny kristiana mba handatsaka am-po ny Tenin'Andriamanitra izy ka tsy ho mpihaino fotsiny ka halaky manadino fa ho mpankatoa ka hifikitra amin'izany mandrakizay – *pour les chrétiens pour qu'ils n'écotent pas seulement la Parole de Dieu pour l'oublier facilement mais qu'ils l'observent et la mettent en pratique pour toujours.*

Vavaka tarihin'i (Prière dirigée par) Pasteur Donald GIZY

Hira (Cantique) 39, 1-2 : Faingàna ry Mpanjaka :

1. Faingàna, ry Mpanjaka, handray ny lovanao,
Faingàna re mba haka ny tany ho Anao.
Avia hampifaly ny malahelo fo,
Afaho ny mijaly sy azon'ny manjo.
2. Avia, fa misento aty ny olonao,
Ny Fanjakana ento fa Tompo Ianao.
Tsy hisy hitomany eo anatrehanao.
Hiadana ny tany izay alehanao.

FIZARANA 3 – PARTIE 3

Teksta 3 – Texte 3 : Mat. 12, 46-50 :

46 Ary raha mbola niteny tamin'ny vahoaka i Jesosy, indreo, ny reniny mbamin'ny rahalahiny nijanona teo ala-trano nitady hiteny Aminy. 47 Ary nisy anankiray nanao taminy hoe : « Indro, ny reninao mbamin'ny rahalahinao mijanona ato ala-trano mitady hiteny Aminao ». 48 Fa namaly Izy ka nanao tamin'ilay nilaza taminy hoe : « Iza moa no reniko ary iza no rahalahiko » ? 49 Ary naninjitra ny Tanany nanondro ny mpianany Izy ka nanao hoe : « Indreo ny reniko sy ny rahalahiko. 50 Fa na iza na iza no hanao ny sitrapon'ny Raiko izay any an-danitra, dia izy no rahalahiko sy anabaviko ary reniko ».

46 Comme Jésus parlait encore à la foule, sa mère et ses frères, qui étaient dehors, cherchaient à Lui parler. 47 [Quelqu'un lui dit : « Ta mère et tes frères sont dehors et cherchent à Te parler »]. 48 Mais Jésus répondit à celui qui lui parlait : « Qui est ma mère et qui sont mes frères » ? 49 Puis Il tendit la Main vers ses disciples et dit : « Voici ma mère et mes frères. 50 En effet, celui qui fait la Volonté de mon Père céleste, celui-là est mon frère, ma soeur, ma mère ».

Fanamarihana 3 – Commentaires 3 : Manao ny Sitrapon'ny Ray – Faire la Volonté du Père

Vavaka any amin'izay misy antsika – Prière là où chacun se trouve :

- ho an'ny tenantsika mba hanaiky ny nanaovan'Andriamanitra antsika ho zanany isika ka hanao araka ny Sitrapon'Andriamanitra amin'izay – *pour nous pour que*
- ho an'ireo mpitandrina mba– *pour les pasteurs pour que* :
 - hahazoany hery amin'ny fahatsapany ny Fitiavan'Andriamanitra azy amin'ny nanaovany azy ho zanany sy ho mpanompony– *ils soient rconfortés par l'effectivité de l'Amour que Dieu lui porte en faisant de lui son enfant et son serviteur*
 - hitarihan'ny Fanahy Masina azy amin'ny fitandremanany ny ondrin'Andriamanitra amin-kery nefa amin'ny fanetren-tena, fa indrindra amin'ny finoana – *le Saint-Esprit le guide dans le service des brebis de Dieu dans la Puissance et l'humilité, mais surtout par la foi.*

Vavaka tarihin'i (Prière dirigée par) Pasteur Donald GIZY

Hira (Cantique) 437, 1-2 : Ry Jeso Kristy Tompo, ô ampio ny olonao :

1. Ry Jeso Kristy Tompo, ô, ampio ny olonao !
Ampianaro mba hanompo sy hanao ny sitrakao.
Malemy aho re ka omeo ny Herinao,
Tsy hivily, tsy hania, fa hanara-dia Anao.

Fiverenana :

*O, vonjeo ! O, vonjeo !
Ka tantano sy jereo,
Aza afoy izahay,
Fa lanao no Avotray.*

2. Ny foko mba diovy, ry Mpamonjy lehibe !
Ka ambeno sy arovy sao dia very aho re,
Iriko indrindra koa ny hitombo sy hamoa,
Ka ny voka-tsoa rehetra ho Anao, ry Jeso ô !

FANDRAVONANA – CONCLUSION :

Teksta – Texte : Rom. 10, 8-17 :

8 Fa ahoana no lazainy [lazain'ny Tenin'ny Fahamarinana] ? Eo akaikinao ny Teny, dia eo am-bavanao sy ao am-ponao (Deo. 30, 12-14), dia ny Teny ny amin'ny Finoana izay torinay. 9 Satria raha manaiky an'i Jesosy ho Tompo amin'ny vavanao ianao ary mino amin'ny fonao fa Andriamanitra efa nanangana Azy tamin'ny maty, dia hovanjena ianao. 10 Fa amin'ny fo no inoana hahazoana Fahamarinana ary amin'ny vava no anakena hahazoana Famonjena. 11 Fa hoy ny Soratra Masina : Tsy ho menatra izay rehetra mino Azy (Isa. 28, 16).

8 Que dit-elle [la Parole de Vérité] donc ? La Parole est tout près de toi, dans ta bouche et dans ton coeur. Or cette Parole est celle de la Foi que nous prêchons. 9 Si tu reconnais publiquement de ta bouche que Jésus est le Seigneur et si tu crois dans ton coeur que Dieu L'a ressuscité, tu seras sauvé. 10 En effet, c'est avec le coeur que l'on croit et

*parvient à la justice, et c'est avec la bouche que l'on affirme une conviction et parvient au salut, comme le dit l'Écriture : **11** Celui qui croit en lui ne sera pas couvert de honte.*

12 Fa tsy misy hafa, na ny Jiosy na jentilisa, fa iray ihany no Tompon'izy rehetra, sady manan-karena homeny izay rehetra miantso Azy Izy. 13 Fa izay rehetra miantso ny Anaran'ny Tompo no hovanjena (Joe. 3, 5). 14 Hataony ahoana àry no fiantso izay tsy ninoany ? Ary hataony ahoana no fino izay olona tsy reny Ary hataony ahoana no fandre raha tsy misy mpitory ? 15 Ary hataony ahoana no fitory raha tsy nirahina, araka ny voasoratra hoe : Akory ny hatsaran'ny tongotr'iry mitondra Teny soa mahafaly ? (Isa. 52, 7).

***12** Ainsi, il n'y a aucune différence entre le Juif et le non-Juif, puisqu'ils ont tous le même Seigneur, qui se montre généreux pour tous ceux qui font appel à Lui. **13** En effet, toute personne qui fera appel au Nom du Seigneur sera sauvée. **14** Mais comment donc feront-ils appel à Celui en qui ils n'ont pas cru ? Et comment croiront-ils en Celui dont ils n'ont pas entendu parler ? Et comment entendront-ils parler de Lui, si personne ne l'annonce ? **15** Et comment l'annoncera-t-on, si personne n'est envoyé ? Comme il est écrit : 'Qu'ils sont beaux les pieds [de ceux qui annoncent la paix], de ceux qui annoncent la Bonne Nouvelle' !*

16 Nefa tsy izy rehetra no nanaiky ny Teny soa mahafaly. Fa hoy i Isaia : TOMPO ô, iza no nino ny teny nampitondraina anay (Isa. 53, 1) ? 17 Koa ny finoana dia avy amin'ny toriteny, ary ny toriteny kosa avy amin'ny Tenin'i Kristy.

***16** Mais tous n'ont pas obéi à la bonne nouvelle. En effet, Esaïe dit: Seigneur, qui a cru à notre prédication ? **17** Ainsi la Foi vient de la prédication et la prédication vient de la Parole de Dieu.*

Vavaka nampianarin'ny Tompo – Notre Père :

Rainay ô, izay any an-danitra,
Hohamasinina anie ny Anaranao,
Ho tonga anie ny Fanjakanao,
Hatao anie ny Sitraponao ety an-tany tahaka ny any an-danitra.
Omeo anay anio izay hanina sahaza ho anay.
Ary mamelà ny helokay tahaka ny namelanay izay meloka taminay.
Dia aza mitondra anay ho amin'ny fakam-panahy fa manafaha anay amin'ny ratsy.
Fa Anao ny Fanjakana sy ny Hery ary ny Voninahitra mandrakizay. Amen !

Notre Père qui es aux cieux,

Que ton Nom soit sanctifié,

Que ton Règne vienne,

Que ta Volonté soit faite sur la terre comme au ciel.

Donne-nous aujourd'hui notre pain de ce jour.

Pardonne-nous nos offenses comme nous pardonnons aussi à ceux qui nous ont offensés.

Et ne nous soumetts pas à la tentation mais délivre-nous de mal.

Car c'est à Toi qu'appartiennent le Règne, la Puissance et la Gloire, pour les siècles des siècles. Amen !

Hira (Chant) 432, 1 : Mandra-pihavian'ny Tompo, mivavaha :

1. Mandra-piavin'ny Tompo mivavaha,
Ny Teny tsara nomeny tadidio.
Ny adidinao , tontosay sy efao
Mijery ny ataonao ry Ray.

Fiverenana :

*Raha mpanompo tsara ianao,
He, ny Tompo faly aminao,
Koa tanteraho ireo adidinao,
Mba ho mpanompo mahasoa.*

Tso-drano – Bénédiction :

Hitahy anareo anie ny Tompo ka hiaro anareo !

Que l'Eternel te bénisse, et qu'il te garde !

Hampamirapiratra ny Tavany aminareo anie ny Tompo ka hiantra anareo !

Que l'Eternel fasse luire sa Face sur toi, et qu'il t'accorde sa grâce !

Hanandratra ny Tavany aminareo anie ny Tompo ka hanome anareo Fiadanana !

Que l'Eternel tourne sa Face vers toi, et qu'il te donne la paix !

Fanirahana - Envoi :

Voninahitra ho an'Andriamanitra Ray sy Zanaka ary Fanahy Masina, izay hatramin'ny taloha indrindra ka ho mandrakizay, Amen ! Mandehàna amin'ny fiadànana, ka manompoa ny Tompo amin'ny fifaliana.

Gloire soit au Dieu, Père, Fils et Saint-Esprit, depuis toujours et à jamais ! Amen ! Allez en paix et oeuvrez pour le Seigneur dans la joie !

Fiangonana (Assemblée) : Isaorana anie Andriamanitra – *Nous remercions Dieu.* Amen !

Amin'ny Anaran'Andriamanitra Ray sy Zanaka ary Fanahy Masina – Au Nom du Dieu le Père, le Fils et le Saint-Esprit. Amen !